# Rafi-tantara 1: Roger—Inona ny zavatra afaka manampy ahy hiatrika ireo fotoan-tsarotra? (Matio 14:13–23)

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN’NY SEMINERA

Hitantsika ao amin’ny Matio 14:1–12 fa notapahin’i Heroda ny lohan’i Jaona Mpanao batisa. Alaivo sary an-tsaina izay zavatra mety ho tsapan’i Jesoa rehefa nahare Izy fa novonoina ilay namany sy havany.

Halalino ny zavatra izay nataon’ny Mpamonjy ao amin’ny Matio 14:13–23, ary tadiavo sy asio marika ny porofon’ity fitsipika ity: **Afaka manaraka ny ohatra nasehon’i Jesoa Kristy amin’ny alalan’ny fanehoana fangorahana sy fanompoana ny hafa isika na dia miaina ireo zava-tsarotra mianjady amintsika manokana aza**. Mariho fa ny “tany foana” (andininy 13) dia toerana mitokana.

- Inona ny zavatra izay hitanao ao amin’ireo andinin-tsoratra masina ireo ka manohana ity fitsipika ity?
- Inona ny zavatra nataon’i Jesoa na dia taorian’ny nahafantarany aza fa novonoina i Jaona Mpanao batisa?
- Ahoana ny fomba ahafahan’ny ohatry ny fanompoana tsy misy tambiny izay nasehon’ny Tompo hanampy olona anankiray izay manana olana?

Ny Loholona David A. Bednar ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra ny fomba ahafahantsika manana toetra tahaka ny an’i Kristy:



> Ny tena toetra marina dia miseho, ohatra, ao amin’ny hery ananana mba hamantatra ny fijalian’ny olona hafa rehefa mijaly ny tenantsika; ao amin’ny fahafahana mahatsapa ny hanohanan’ny hafa rehefa noana isika; ary ao amin’ny hery mba hanampy sy hahatsapa fangorahana amin’ny fijaliana ara-panahin’ireo olona hafa rehefa ao anatin’ny fijalian’ny tenantsika ara-panahy isika. Noho izany, ny toetra dia miseho amin’ny alalan’ny fijerena ny hafa sy ny fitodihana amin’ny hafa ary ny fanampiana ny hafa raha toa ka ilay fihetsika ara-boajanahary asehon’ny olona araka ny nofo dia ny fitodihana amin’ny ao anaty sy ny fitiavan-tena ary ny tsy fieritreretana afa-tsy ny tena. . . .
>
> . . . Azontsika olombelona atao tokoa ny miezaka amim-pahamarinana ny handray ireo fanomezam-pahasoavan’ny fanahy mifandray amin’ny fahafahana manampy ny hafa sy maneho ny fihetsika tokony haseho amin’ny olon-kafa izay miaina koa ilay olana na fahoriana izay tena mianjady mafy amintsika amin’iny fotoana iny.
>
> Tsy afaka mahazo fahafahana hanao zavatra toy izany amin’ny alalan’ny finiavana fotsiny na fahavononan’ny tena manokana isika. Fa ilaintsika ny “fahamendrehana, sy famindram-po, ary fahasoavan’ny Mesia Masina” sy ny fianteherana amin’izany (2 Nefia 2:8). (David A. Bednar, voatonona tao amin’ny Sarah Jane Weaver, “Elder Bednar Addresses ‘the Character of Christ’ during 2019 Mission Leadership Seminar,” *Church News*, July 9, 2019)

Rehefa miomana hizara ny zavatra izay nianaranao ianao dia saintsaino ireo zavatra izay efa niainanao tamin’ny fanompoana ny hafa.

- Nahoana araka ny eritreritrao ny fanaovana asa fanompoana tahaka ny nataon’i Kristy no afaka manampy antsika ao anatin’ireo olana atrehantsika?

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
ANDRO FARANY

© 2023 an’ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *Scenario 1: Roger.* Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.